







31 desambra 2025

**EITI MADAGASCAR**

# Famintinana ny Tatitra ITIE 2023 an'i Madagasikara

Ny tatitra ITIE 2023, navoaka tamin'ny 31 Desambra 2025, dia mikendry ny hanamafy ny mangarahara sy ny fitantanana ny sehatrin'ny fitrandrahana eto Madagasikara, mifanaraka amin'ny Fenitra ITIE 2023. Izy io dia mandrakotra ny fepetra 2 ka hatramin'ny 6 amin'ny Fenitra ITIE, anisan'izany ny toe-draharaha momba ny sehatrin'ny fitrandrahana eto Madagasikara, ny fandoavam-bola nataon'ny orinasa, ary ny vola miditra amin'ny fanjakana avy amin'ity sehatra ity.

Ny fomba fanatanterahana dia mifototra amin'ny Fenitra Iraisam-pirenena momba ny Sampan-draharaha Mifandraika – ISRS *(International standard on Related Services)* 4400 nohavaozina, amin'ny alalan'ny fepetra nifanarahana tsy nisy fitsirihana (sans audit) na fanamarinana (certification) ara-bola. Io fomba io dia nahafahana nanamarika fa ny angon-drakitra ara-bola nojerena tanatiny ITIE taona 2023 dia manana taha avo amin'ny fahamendrehana sy fahafenoana.

Ny fanjohiana ny soso-kevitra teo aloha dia mampiseho fa ny soso-kevitra taloha sy avy amin'ny fanamarinana fahatelo (3ème validation) nataon'ny EITI International tamin'ny firenena Malagasy dia amin'ny ankamaroany efa an-dalàm-pahatanterahana. Ny soso-kevitra vaovao kosa dia mahakasika ny fanavaozana mialoha ny modely tatitra sy ny fanofanana ireo sampan-draharaha momba ny fampiasana ny sehatra an-tserasera.

## 1. Sahan'ny tatitra

Ny tatitra dia mahakasika orinasa 88 amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany sy solitany (orinasa 87 amin'ny harena an-kibon'ny tany ary 1 amin'ny solitany) izay nandoa mihoatra ny 5 000 Dolara Amerikanina amin'ny sara fitantanana. Amin'ireo orinasa 88, ireo 12 nandray anjara lehibe ka nahatratra ny 95,77 % amin'ireo fandoavam-bola voaray, no voafantina hanao ny fanambarana sy ny fifampitoviana vola voaray aminy ny any fanjakana. Ireto ny lisitry ny orinasa :

**Tabilao 1: Lisitry ny orinasa manao fanambarana / eo amin'ny sehatry ny fifampitoviana**

| N° | Lisitry ny Orinasa | NIF |
|---|---|---|
| 1 | DYNATEC MADAGASCAR (DMSA) | 3000004921 |
| 2 | AMBATOVY MINERALS (AMSA) | 0000005009 |
| 3 | QIT MADAGASCAR MINERALS (QMM) | 4000164665 |
| 4 | ALPHA CIMENT | 2000001171 |
| 5 | ETABLISSEMENTS GALLOIS | 4000056935 |
| 6 | APC MINING | 6001968765 |
| 7 | ERG(MADAGASCAR) LTD | 6000789742 |
| 8 | RED GRANITI MADAGASCAR | 3000024655 |
| 9 | BASE TOLIARA | 2000007312 |
| 10 | GOLD SAND | 5000025790 |
| 11 | MADAGASCAR OIL | 2000006347 |
| 12 | SOCIETE NORTH MINING EXPORT | 3001983228 |

<u>Loharano :</u> Tatitra ITIE Madagasikara 2023

## 2. Teboka manan-danja avy amin'ny tatitra

### 2.1. Fizarana I: Lalàna mifehy sy rafitra ara-panjakana

- Rafitra ara-dalàna : ny Lalàna momba ny Fitrandrahana Harena an-kibon'ny tany 2023 no mifehy ny sehatry ny mineraly, manavao ny lalàna ho fanamafisana ny fampiasam-bola sy ny fitantanana. Misy koa ny didim-panjakana fampiharana mikasika ny volamena, ny fahazoan-dalana mineraly, ary ny rafitra ara-panjakana.
  Mahakasika ny fepetra manokana dia ahitana ny fanavaozana ny fifanarahana QMM sy ny fanavaozana ny Lalàna momba ny Fampiasam-bola Lehibe amin'ny Fitrandrahana Harena an-kibon'ny tany[1] sy solitany *(LGIM - Loi sur les Grands Investissements Miniers)* tamin'ny taona 2023.
  Ny Lalàna momba ny solitany, tsy niova hatramin'ny 1996, dia mifehy ny asa solitany.
  Lalàna hafa manan-danja dia mahakasika ny ady amin'ny kolikoly, tontolo iainana, asa sy fiarovana ara-tsosialy, ary ny tany sy fampiasam-bola, izay nohavaozina ihany koa.

- Rafitra ara-panjakana : ny fananganana sy fanavaozana ny Birao Iombonana misahana ny Fanondranana volamena *(GUE - Guichet Unique d'Exportation)* dia manamafy ny fanaraha-maso ny fanondranana volamena sy vatosoa ary manamarika ny fanokafana indray ny fanondranana volamena tamin'ny 2023.
  Ny Foibem-pitondrana Ady amin'ny Kolikoly "*Direction de la Lutte Contre la Corruption (DLCC)*", naorina tamin'ny taona 2024, dia heverina ho mpandray anjara lehibe amin'ny ady amin'ny kolikoly amin'ny sehatrin'ny fitrandrahana.

- Fanomezan-dàlana sy Fahazoan-dalana *(licences et permis)* : tsy nisy fahazoan-dalana mineraly na fahazoan-dalana solitany nomena nandritry ny taona 2023. Io taona io dia nanamarika ny fanombohan'ny fanadiovana ny lisitra *(assainissement)*[2] izay niafara tamin'ny fanafoanana 994 fahazoan-dalana mineraly ary fanaovana 166 drafitra momba ny Asa sy ny Fampiasam-bola *(PTPF - Plans de Travail et Plans de Financement)* tamin'ny 2025. Nisy koa ny fanovana kely tsy mila didim-panjakana, ka 43 no nosoniavina (fiovana anarana, antoka, dika mitovy, fanitsiana, fanitarana ny zavatra voarafitra, fiaraha-miasa ary fanofana).
  Ao amin'ny sehatry ny solitany, dia nambara tany am-piandohan'ny taona 2025 ny fanafoanana ny fampiatoana ny fampiroboroboana ny sehatra solitany, izay efa napetraka hatramin'ny volana febroary 2019, ary koa ny fanadiovana sy ny famelomana indray ity sehatra ity.
  Ankoatra izany, dia nasongadina manokana tao anatin'ny fomba fanomezana alalana ny fifamatorana misy eo amin'ny fahazoan-dalana ara-pitrandrahana (permis/titre miniers) sy ny fahazoan-dalana ary fanomezan-dàlana ara-tontolo iainana. Ny fahazoan-dalana ara-tontolo iainana dia omena ihany rehefa efa azo ny fahazoan-dalana ara-pitrandrahana.

- Fampahafantarana ampahibemaso ny rejisitra : nisy sarintany zaram-paritra fikarohan-tsolika *(blocs pétroliers)* mifanindry amin'ny sehatra solitany hita ao amin'ny tranokalan'ny OMNIS. Ny COM *(Centrale de l'Or de Madagascar)* kosa mikasa ny hanisy fikarakarana momba ny mpitrandraka volamena ao amin'ny tranokala mbola eo am-pananganana, izay manampy amin'ny fanaparitahana nataon'ny BCMM sy ONE.

---

[1] Nampiatoana ny fanondranana volamena tamin'ny taona 2020, mba hamaritana paikady hiadiana amin'ny fanondranana an-tsokosoko sy hanavaozana ny fitsipika mifehy ny sehatry ny volamena.
[2] Ity dingana ity dia manaraka ny vanim-potoana nampiatoana ny fanomezana fahazoan-dalana fitrandrahana harena an-kibon'ny tany (permis minier), izay efa napetraka hatramin'ny taona 2010.

- Fampahafantarana ampahibemaso ny fifanarahana sy fahazoan-dalana *(contrats et licences)*: ny Lalàna momba ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany vaovao dia mitaky ny famoahana ho an'ny daholobe ny fifanarahana sy fahazoan-dalana.
  Ny fifanarahana QMM momba ny ilmenite (fifanarahana voalohany, fanitsiana 2023 ary fifanarahana miaraka amin'ny fanjakana 2023) dia efa hita amin'ny aterineto. Ny fepetra momba ny fanaraha-maso ny asa mineraly dia kasaina hozaraina amin'ny ho avy.
  Eo amin'ny sehatry ny solitany kosa, tsy nisy fifanarahana na fanavaozana vaovao natao nanomboka ny 1 Janoary 2021.

- Fampahafantarana ny mombamomba ireo tompony marina *(bénéficiaires effectifs)*: nahitana fandrosoana lehibe noho ireo didy vaovao napetraky ny Lalàna mifehy ny tetibola voalohany ho an'ny taona 2024, indrindra fa tamin'ny fametrahana ny Rejistra Foibe momba ny tompony marina *(Registre Central des Bénéficiaires Effectifs – RCBE)*, izay eo ambany fanaraha-mason'ny Fitaleavana Jeneraly misahana ny hetra *(DGI)*. Nisy fifanarahana fiaraha-miasa *(protocoles d'accord)* nosoniavina teo amin'ny DGI sy ny EITI Madagascar, ny OMNIS ary ny SAMIFIN, ary teo amin'ny SAMIFIN sy ny EITI Madagascar, mba hahafahana miditra sy mampiasa ny angon-drakitra ao amin'io rejistra io.
  Ho an'ny taona 2023, ny vaovao mikasika ireo tompony marina, an'ireo orinasa nanao fanambarana dia nangonina tamin'ny alalan'ny "canevas". Io hetsika io dia nahafahana namantatra olona ara-batana *(personnes physiques)* miisa 13 tao anatin'ny orinasa 4 izay tsy voasoratra anaty tsenan'ny vola *(non cotées en bourse)*.

## 2.2. Fizarana II: Toe-draharaha amin'ny sehatrin'ny fitrandrahana sy ny fiantraikany ara-toekarena, ara-tsosialy ary ara-tontolo iainana

- Sehatry ny harena an-kibon'ny tany : mitombo ny asa fikarohana, misy ny toerana nanaovana fanadihadihana ara-haibolan-tany sy Faritra voatokana anaovana tan-tsoroka ho an'ny fitrandrahana artizanaly.
  Ny tetikasa lehibe (Ambatovy, QMM, Base Toliara) dia miatrika olana ara-tsosialy sy tontolo iainana.
  Sehatra solitany, azo heverina ho mbola malalaka ny ankamaroan'ny "bloc", ary ny asa fikarohana solika nifanesy no namorona ny fototry ny tahirin-kevitr'ilay sehatra sady nametraka fandavahana 867 fantsakana fikarohana. Madagascar Oil, ilay orinasa tokana mbola miasa ao amin'ny sehatra, dia eo amin'ny dingan'ny fampiasana ary nanambara fa hiverina hanomboka indray ny asa famokarany amin'ny taona 2025.

- Sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany madinika *(petites mines)* : nisy fanavaozana natao dia nanazava ny sokajy fitrandrahana artizinaly, ary nanomboka tamin'ny taona 2022 dia napetraka ny faritra voatokana anaovana tan-tsoroka mba hifehezana sy hampidirana ho ara-dalàna ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany artizanaly. Ny fitrandrahana madinika dia mamokatra vato sarobidy *(pierres gemmes)*, mica, quartz, akora tsy voahodina hafa ary volamena.

- Fanaraha-maso ny tontolo iainana: nohavaozina tamin'ny alalan'ny didim-panjakana MECIE 2025, izay mandrindra ny fandraisana anjaran'ny besinimaro, ny fanaraha-maso, ary ny sazy raha misy tsy fanarahan-dalàna.

- Gazy misy entona mangeja hafanana *(Gaz à effet de serre - GES)*, hetra karbona, fiovana amin'ny angovo: Madagasikara mikendry ny fihenan'ny GES 28 % amin'ny 2030 *(Contribution Déterminée*

*au niveau National - CDN2)*[3], saingy tsy tafiditra ao amin'ny sehatrin'ny fitrandrahana izany amin'izao fotoana izao. Tsy misy hetra karbona, fa mikendry tahiry karbona ny firenena.

## 2.3. Fizarana III: Koriana momban'ny fandoavam-bola sy fitantanana ny vola miditra

- Ny fanaparitahana tsy tapaka ny angon-drakitra ITIE dia nahitana fandrosoana lehibe noho ny fametrahana ny sehatra fanaovana fanambarana an-tserasera *(plateforme de télédéclaration ITIE)* natomboka tamin'ny taona 2025. Ity sehatra ity dia ahafahan'ny orinasa sy ny sampan-draharaham-panjakana manao fanambarana an-tserasera momba ireo angon-drakitra ara-bola sy ara-toe-draharaha takian'ny Fenitra ITIE.

- Fanindroany hatramin'ny nanombohana ny fampiharana ny Fenitra ITIE eto Madagasikara no nandraisan'ny Fitsarana misahana ny kaontim-panjakana *(Cour des comptes)* anjara tamin'ny fanamafisana ny fahamarinan'ny fanambaran'ny Fitantanan-draharaham-panjakana. 87,45% ny vola miditra avy amin'ny sehatrin'ny fitrandrahana no nanaovany fanamarinana, izany hoe 380,2 miliara Ariary amin'ny fitambaran'ny 434,8 miliara Ariary.

- Tsy mamaritra fandraisana anjara amin'ny endrika vokatra *(part en nature)* ho an'ny Fanjakana ny Fehezan-dalàna momba ny harena an-kibon'ny tany *(Code minier)*, raha ny Fehezan-dalàna momba ny solitany *(Code pétrolier)* kosa dia mandamina ny fakàna ny anjara amin'ny vokatra amin'ny alalan'ny OMNIS. Na izany aza, tsy nisy anjara noraisina tamin'ny taona 2023 noho ny tsy fisian'ny fepetra ara-dalàna mifehy izany.

- Raha jerena amin'ny heviny hentitra, dia tsy misy fifanarahana fifanakalozana entana *(accord de troc)* eo amin'ny Fanjakana sy ireo orinasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany. Na izany aza, ny fiaraha-miasa amin'ny Fanjakana momba ny fanatanterahana ny tetikasa ilmenite ataon'ny QMM dia voalamina amin'ny alalan'ny fifanarahana izay mamaritra fandraisana andraikitra ara-bola sy ara-tsosialy ho an'ny QMM sy ny mpanohana fototra azy.

- Kraomita Malagasy (KRAOMA), izay hany orinasa an'ny Fanjakana voamarika, dia voalaza fa tsy nanao asa intsony hatramin'ny taona 2019. Na izany aza, ny SPAT *(Société du Port à gestion Autonome de Toamasina*) dia nanambara fa nisy ny fanohizana ny asa nataon'ny DANA Minerals Madagascar tamin'ny taona 2024, ary ny BCMM kosa dia nanambara ny fisian'ny sonia fifanarahana amodiation sy dika mitovy amin'ireo fahazoan-dalana an'io orinasa io.

- Mikasika ny fandaniana antsoina hoe "quasi-budgétaire", ny OMNIS dia nandray anjara tamin'ny famatsiam-bola ho an'ny fanorenana ny lalambe haingam-pandeha mankany amin'ny seranam-piaramanidina Ivato, mitentina 7,6 miliara Ariary, tamin'ny taona 2023.

- Ny vola miditra ao anaty tetibolam-panjakana (hetra sy ampahany amin'ny sara amin'ny vokatra mineraly) sy ireo vola miditra ivelan'ny tetibola (ampahany amin'ny tamberim-bidy *"ristournes"* sy ny FAM *(Frais d'Administration Minière*) natokana ho an'ny Vondrom-paritra Itsinjaram-pahefana – CTD; vola miditra avy amin'ireo andrim-panjakana miankina amin'ny sehatra) an'ireo sampan-draharaham-panjakana dia ampiasaina amin'ny fandaniana araka ny foto-kevitry ny firaisana *(unité)* sy ny ankapobeny (universalité). Na izany aza, misy fanavahana raisina mikasika ny fampiasana ny ampahany amin'ny tamberim-bidy avy amin'ny harena an-

[3] Ity no dikan'ny drafitra nasionaly momba ny toetr'andro amin'ny faharoa ho an'ny firenena iray, ao anatin'ny Fifanarahana avy any Parisy *(COP21)*. Ity drafitra ity dia mamaritra mazava ny fandraisana andraikitra momba ny fampihenana ny entona mahatonga ny fiakaran'ny hafanana *(émissions de gaz à effet de serre)*, ny fanaovana fiomanana amin'ny voka-dratsin'ny fiovan'ny toetr'andro, ary koa ny filàna ara-bola sy fanamafisana ny fahafahana ilaina amin'ny fanatanterahana azy.

kibon'ny tany an'ny CTD avy amin'ireo tetikasa goavana (70 % ho an'ny fampiasam-bola ary 30 % ho an'ny fandaniana amin'ny asa andavanandro), indrindra fa ny tetikasa Ambatovy, izay nampiatoana ny fizarana noho ny fitantanana ratsy hita teo anelanelan'ny taona 2018 sy 2020).

## 3. Tarehimarika manan-danja avy amin'ny tatitra

### 3.1. Fandraisana anjara ara-toekarena tamin'ny 2023

- **Fandraisana anjara amin'ny Harikarena Faobe *(Produit Intérieur Brut - PIB)* (araka ny MEF)**
  - Anjara ny sehatrin'ny fitrandrahana ao amin'ny Harikarena Faobe tena izy (vonjimaika) : 4,6% ;
  - Sandan'ny fanampiana ara-toekarena amin'ny tena izy ao amin'ny sehatra (vonjimaika) : MGA 1 061,2 miliara.
- **Fandraisana anjara amin'ny hetra (ny sehatrin'ny fitrandrahana izay resahina eto dia ahitana ireo orinasa fitrandrahana miisa 88 tafiditra ao anatin'ny sehatra raketin'ny tatitra)**
  - Anjaran'ny sehatrin'ny fitrandrahana amin'ny hetra alain'ny fanjakana: 5,83% amin'ny MGA 5 494,1 miliara ;
  - Sandan'ny vola azo avy amin'ny hetra avy amin'ny sehatrin'ny fitrandrahana : MGA 320,3 miliara.
- **Fandraisana anjara amin'ny fanondranana (araka ny fanambaràn'ny MEF).**
  - Anjaran'ny sehatrin'ny fitrandrahana ao anatin'ny fanondranana manontolo (vonjimaika): 49,2% ;
  - Sandan'ny fanondranana avy amin'ny sehatra (vonjimaika): 6 911,60 miliara Ariary (MGA) ;
  - Habetsahan'ny fanondranana avy amin'ny sehatra (vonjimaika): 1 005,30 arivo taonina.

**Sary 1 : Fandraisan'ny sehatrin'ny fitrandrahana anjara amin'ny toekarena**



| Mari-pamantarana | Sehatrin'ny fitrandrahana (miliara Ariary) | Totaly nasionaly (miliara Ariary) | Anjara tamin'ny sehatrin'ny fitrandrahana (%) | Haben'ny vokatra (arivo taonina) |
|---|---|---|---|---|
| **Harikarena Faobe (vonjimaika)** | 1 061,2 | | 4,6% | |
| **Vola miditra amin'ny hetra** | 320,3 | 5 494,10 | 5,83% | |
| **Fanondranana (vonjimaika)** | 6 911,60 | | 49,20% | 1 005,30 |

- **Fandraisana anjara amin'ny asa**

  - **Ao amin'ny sehatra tsy miankina**

Araka ny fanambarana nataon'ny CNaPS :

- Anjara ny sehatrin'ny fitrandrahana amin'ny asa: 0,35% amin'ny 731 693 mpiasa mifandray amin'ny CNAPS ;
- Isan'ny mpiasa amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany sy solitany mifandray amin'ny CNaPS: 2 557, ka 2 303 lehilahy (90,07%) ary 254 vehivavy (9,93%).


Araka ny fanambarana nataon'ireo orinasa nanambara[4] :

- Isan'ny mpiasa totaliny: 5 212, ka 351 vahiny (6,73%), 4 185 lehilahy (80,30%) ary 676 vehivavy (12,97%).

  - **Ao amin'ny sehatra miankina amin'ny fanjakana**

- Ao amin'ireo orinasa fanjakana mpanara-maso ny sehatrin'ny fitrandrahana (BCMM, COM ary OMNIS): 358 mpiasa, ka 242 lehilahy (67,6%) ary 116 vehivavy (32,4%) ;
- Ao amin'ny Ministera misahana ny harena an-kibon'ny tany (araka ny fanambarana nataon'ny DGM): 553 mpiasam-panjakana.

**Sary 2: Fandraisan'ny sehatrin'ny fitrandrahana anjara amin'ny asa tamin'ny 2023**




[4] Orinasa 11 amin'ny 12 no nanao fanambarana.

| Mari-pamantarana | CNaPS | | Orinasa | | Sehatra Pôblika | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Isan'ny olona | % | Isan'ny olona | % | Isan'ny olona | % |
| **Lehilahy (mpirenena)** | 2 303 | 90,07% | 4 185 | 80,30% | 242 | 67,60% |
| **Vehivavy (mpirenena)** | 254 | 9,93% | 676 | 12,97% | 116 | 32,40% |
| **Vahiny miasa eto amin'ny firenena** | | | 351 | 6,73% | | |
| **Fitambaran'ny mpiasa** | **2 557** | **100,00%** | **2 557** | **100,00%** | **358** | **100,00%** |


▶ **Vinavina momba ny famokarana avy amin'ny indostria fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy solitany (orinasa 12 nanambara) :**

- Amin'ny habetsahana : 13 tapitrisa taonina amin'ny mineraly rehetra voafangaro (isan'izany ny boue de minerais) ;
- Amin'ny sandany : mihoatra ny MGA 3 277,31 miliara (tsy tafiditra ny sandan'ny famokarana chromite avy amin'ny APC MINING sy ny sulfate d'ammonium avy amin'ny DMSA).


▶ **Vinavina momba ny fitrandrahana madinika (petites mines) :**

- Faritra voatokana anaovana tan-tsoroka *(Zone d'encadrement)* : manodidina ny 24 000 mpitrandraka artizanaly ara-panjakana nanomboka 2022 ka hatramin'ny 2025, ka 7 127 tamin'ny taona 2023 ;
- Fanondranana ara-dalàna avy amin'ny fitrandrahana madinika: 17,58% amin'ny fanondranana vokatra avy amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy solitany, miaraka amin'ny :
  - Volamena avy amin'ny fitrandrahana tanana: MGA 550 miliara (fanondranana volamena ho an'ny BCM)
  - Hafa: MGA 620 miliara
- Fanondranana an-tsokosoko volamena: 1 162 Kilao.

**Sary 3: Fandraisan'anjaran'ny fitrandrahana madinika amin'ny fanondranana vokatra avy amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy solitany**




**Mpitrandraka artizanaly ara-panjakana 2023**




**Fanondranana ara-dalàna avy amin'ny fitrandrahana madinika**

| Mari-pamantarana | Sandany | Singan'isa | Fotoana / Loharano |
|---|---|---|---|
| **Mpitrandraka artizanaly ara-panjakana (faritra voatokana anaovana tan-tsoroka)** | 24 000 | Olona | 2022–2025 |
| **Mpitrandraka artizanaly ara-panjakana** | 7 127 | Olona | 2023 |
| **Sandan'ny fanondranana ara-dalàna avy amin'ny fitrandrahana madinika, anisan'izany:** | 1 170 | Miliara Ariary | 2023 |
| **Volamena avy amin'ny fitrandrahana tanana (amin'ny alalan'ny BFM)** | 550 | Miliara Ariary | 2023 |
| **Vokatra hafa** | 620 | Miliara Ariary | 2023 |
| **Anjara ny fitrandrahana madinika amin'ny fanondranana** | 17,58 | % | 2023 |
| **Habetsahan'ny fanondranana an-tsokosoko volamena (tombanana)** | 1 162 | Kilao | 2023 |

### 3.2. Fikoriana ara-bola sy fampitahana

- **Vola miditra ho an'ny Fanjakana**: MGA 434,8 miliara; **fanambaràn'ny orinasa** : MGA 441 miliara ;
- **Elanelana sisa tavela:** MGA 6,16 miliara (1,42 %) aorian'ny fanitsiana ;
- Fizarana ny vola miditra: **DGI 73,6 %, DGD (Douanes) 15,5%, DGM 5,6%.**

### 3.3. Famindrana vola any amin'ny faritra sy kaominina

Ny vola voaangona tamin'ny taona 2023 ary hozaraina amin'ireo mpandray tombontsoa dia aseho eto ambany :

| Fikoriana | Vola 2023 tokony hizarana |
|---|---|
| **Sara amin'ny fitantanana ny harena an-kibon'ny tany sy solitany (FAM)** | MGA 19 001 522 300,00 |
| **Sara alaina amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy solitany *"Redevances minières"* (antontan'isa avy amin'ny DGM ho an'ny fandrindrana)** | MGA 23 603 674 876,57 |
| **Tamberim-bidy avy amin'ny harena an-kibon'ny tany *"Ristournes minières"* (antontan'isa avy amin'ny DGM ho an'ny fandrindrana)** | MGA 50 271 642 474,16 ka<br>- AMSA : MGA 28 270 235 593,00<br>- QMM : MGA 12 673 594 677,63<br>- Autres : MGA 9 327 812 203,53 |
| **Saram-pisoratana amin'ny karatra mpanangona volamena** | Tsy mihatra |
| **Fandraisana anjara mitovy amin'ny 1/2500ème amin'ny vola manontolo amin'ny adidy farany ambany amin'ny asa fikarohana** | Tsy mihatra |
| **Sara amin'ny vokatra amin'ny solitany** | Tsy mihatra |

RISE TOGETHER

### 3.4. Fandoavana vola any amin'ny faritra sy kaomina

Ny totalin'ny vola nolazain'ireo orinasa nanambara dia MGA 33,4 miliara, ka MGA 31,4 miliara no efa voaloa tamin'ny taona 2023.

Ny fandoavam-bola lehibe indrindra dia ahitana ny fandoavana sara alaina amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy solitany sy tamberim-bidy azo ihany koa avy amin'ny fitantanam-bola ankapobeny, sy ny fandoavana fandraisana anjara ara-tsosialy amin'ny CNaPS ary ny saram-pitantanana ny fitrandrahana amin'ny BCMM.

EITI
Extractive Industries
Transparency Initiative
Madagascar